Fahitàna momba ilay Tranolay.

50 Fa izao no lazaiko, ry rahalahy: Ny nofo aman-drà tsy mahazo mandova ny fanjakan'Andriamanitra, ary ny fahalòvana tsy mandova ny tsi-fahalòvana.
51 Indro, zava-miafina no ambarako aminareo: tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra,
52 fa vetivety, toy ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovàna isika rehetra; fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lò intsony, ary isika hovàna.
53 Fa ity mety lò ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahalòvana, ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahafatesana.
54 Fa rehefa mitafy ny tsi-fahalòvana ity mety maty ity, ary mitafy ny tsi-fahafatesana ity mety maty ity, dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe: Ny fahafatesana noresena ka levona.
55 Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao?
56 Fa ny ota no fanindronan'ny fahafatesana; ary ny lalàna no herin'ny ota.
57 Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.
58 Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo.

1Kor 15:50 -58

Mpanoratra iray nanoratra ny tantàran'ny Apostoly Paoly ary nampiseho tsy ampisàlasalàna mazàva tsara ny finoan'i Paoly momban'ny ho avy, eny fa na dia ny toetran' ireo izay ao amin'ny finoana ankehitriny aza, dia ireo niala tamin'io finoana io. Tahak'izany ihany dia tsy maintsy mampiseho ny fiainan'i Rahalahy Branham sy ny asa fanompoany aho. Tsapako fa raha misy olona manana fandresen-dahatra, na finoana, na fanantenana, dia izany fandresen-dahatra izany, izany finoana izany, na izany fanantenana izany dia hisy fiantraikany eo amin'ny fihetsiny, ny momba azy, ny faniriany, ny fitsiriritany, ary ny zavatra kendreny, indrindra fa mahakasika ny ho aviny amin'ny maha mpanompon'Andriamanitra azy.

Ankehitriny, tsapako fa Rahalahy Branham dia nitady zavatra ho avy. Nanehon'Andriamanitra zavatra maro izy, ary nitady ny fahatanterahan'izany foana izy. Fa hoy izy hoe, rehefa mitady zavatra isika dia mila fantarintsika ilay zavatra tadiavintsika. Dia tahaka izany ihany ny hitadiavantsika ny fahatanterahan'ny Fahitàna ilay Tranolay. Satria ny sasany dia nilaza fa efa tanteraka ilay fahitàna, dia mila fantarintsika ny antony nahatonga azy ireo hanao izany. Tsy mangataka olona aho hamantatra na handika io fahitàna io, fa hijery fontsiny hoe inona ilay fahitàna ny tranolay. Rahalahy Branham dia nilàza fa ny fandikàna marina indrindra ny fahitàna iray dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny Teny. Raha tsy ao anatin'ny Teny ilay fahitàna, dia mitady zavatra tsy ho tanteraka ianao.

Andeha ary isika handinika ny fitsipika momban'ny Teny adika (interpretation). Ohatra, eritrereto hoe profesorako indray mandeha izay, tao amin'ny kilasy, Sekoly Biblikan'ny Systematic Theology:ilay lehilahy dia tena sarotiny amin'ny Trinité. (Andriamanitra telo). Tamin'ny adihevitra tsy tao ampianarana, dia nohamafisiko tamin'ny mpiara-mianatra tamiko sasany fa Andriamanitra Tompontsika dia Andriamanitra iray, - fa tsy telo. Ny iray tamin'ireo mpiara-mianatra dia nanontany ilay profesora hoe, inona no ataony raha tonga any an-danitra izy, ary mandeha miditra ao, dia tsy hisy telo, fa iray. Ilay profesora dia hanadihady ny mpianatra avy eo amin'ny boriborin'ny solomasony ary hilàza, *"Raha*

tonga any aho ka tsy misy afa-tsy anankiray, dia hiodina aho ka hivoaka." Tamin'izany, dia niteny mafy aho nanao hoe, *"Dokotera, tsy misy tokony atahoranao; amin'izany fisainana izany dia tsy ho tonga any na oviana na oviana ianao."* Hitanareo, izy dia nijery ny fandikany azy manokana ny amin'ny Momban'Andriamanitra, fa tsy nihaino ny marina, na dia avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra aza. Tao antsainy dia efa nilamina io resaka io fa misy Andriamanitra telo, ary ny sainy dia tsy azo hovàna. Ary ny fandikany dia ivelan'ny Teny.

Eto ary dia te hametraka fanontaniana ihany koa aho, amim-panetretena, amin'ireo izay manana zavatra ao an-tsainy. Inona no ataonareo raha tsy tanteraka ilay Fahitàna momba ny Tranolay araka ny fihevitrareo dia izay nolazain'Andriamanitra ny amin'izany? Raha fantatrareo hoe hanao ahoana izany, dia zavatra iray ihany no tadidio sy ekeo – diso ianareo. Afaka manao izany fanambarana izany aho amim-pahasahina satria ny mpaminanin'Andriamanitra dia nilàza fa rehefa mandinika izany ianao, dia ho diso, satria tsy misy ahalàla.

Tamin'ny 1964 no nandrenesako voalohany ny momba ilay Fahitàna ilay Tranolay avy amin'ny alàlan'ny filàzan'ny olona sasany, fa ny Oktobra tamin'io taona io, raha nandeha nihàza niaraka tamin'i Rahalahy Branham tany British Columbia aho, dia azoko mivantana ny momba an'io tamin'ny mpaminany, dia ny tenany izany. Notantarainy ahy ilay fahitàna ary tamin'ny antsipirihany. Nasehony ny anaran'ny olona iray izay handoa ny vola ho amin'ilay tranolay. Hoy izy, *"Rahalahy Pearry, ny zavatra tokony ataoko dia ny mangataka an'io, ary dia ho voaloa vola io."* Teo dia nazàva tamiko fa ny fahitàna momba ilay tranolay dia loharano nipoiran'ny fanantenana lehibe ho azy. Ireo varavarana dia efa mihidy amin'ny hafatra nentiny, hoy izy. Maro amin'ireo fiangonana, toby fihaonana, sy fikambanana, izay narisika taloha ny naka azy nitoriteny ny amin'ny fanasitranana mahagaga, dia manilika azy ankehitriny noho ilay fampianarana *"Izao no lazain'ny Tompo"* Kanefa tao anatin'izany rehetra izany dia nisy fampiononana iray. Araka ny filazany, *"Rahalahy Pearry, ny fampiononana iray ananako dia ny nanomezan'Andriamanitra ahy io Fahitàna ny Tranolay io. Nampahafantariny ahy fa rehefa nirindrina daholo ny varavarana, ary ny zavatra rehetra dia nihidy daholo, dia mbola manana toerana hitoriana ny Filazantsara ihany aho. - araka ny 'Izao no lazain'ny Tompo.'"*

Tao amin'ilay fivarotana kafe an'ny Holiday Inn, eo akaikin'ny Jeffersonville, rehefa noresahina teo ilay resaka . Ilay daty dia Aogositra 1965. Noresahiny tamiko daholo tamin'io andro io ny momba ilay rahona, sy ilay sabatra nipoitra teo amin'ny tanany. Nanomboka nanontany tena aho hoe nahoana izy no namerimberina ireo zavatra ireo tamiko kanefa efa nolazainy ahy teo aloha. Noho izany dia nanao izao fanambarana izao izy, *"Rahalahy Pearry, efa henonao ny fahitàna hitako momba ilay tranolay, sa tsy marina izany? " eny tompoko"* hoy ny navaliko, *"nilaza tamiko ianao ary ny hafa koa nilaza tamiko."*

Hoy izy, *"Fantatro fa ny asan'ny rahalahy maro dia efa nosafidiana."* Hoy ny navaliko, izany dia efa fantatro, mahalala mpamily kamiao aho, mpanangana tranolay, ary maro hafa izay nolazainy fa ilaina.

Tamin'izay dia hoy izy, *"Rahalahy Pearry, tsy fantatro...ianao mahalala,miresaka toy ny olona aho amin'ireo zavatra ireo,fahitàna izay nomen'Andriamanitra ahy. Mino aho fa rehefa tonga ilay fotoana, ilay nanome ahy io fahitàna io ihany no hampiseho ahy izay tokony ataon'ny rahalahy rehetra – rehefa tanteraka io fahitàna io."* Dia nanohy izy, *"Rahalahy Pearry, mino aho fa hisy toerana ho anao ao."*

Tahaka ny olona sasany, dia nihevitra aho tamin'izany fotoana izany fa hanana tranolay tahakan'izay mbola tsy fahitako hatramin'izay. Izay mbola tsy henon'ny olona na tanaty fivoriana teo aloha. Tonga tao antsaiko ireo toerana samihafa izay noheverin'ny sasany fa hisian'izany. Tsaroako ny rakipeo iray izay nanambarany fa any Mexico City no tiany hanorenana an'io. Fantatro fa niresaka izany izy tamin'ny rahalahy sasantsasany ny amin'ny hisian'izany any ampitan-dranomasina. Raha lazaina

amin'ny fomba hafa, dia betsaka ny voalaza mahakasika io fahitàna io. Mba hahafantàrana izay tokony atao amin'izany resaka manokana izany, dia aleo isika handalina zavatra misimisy avy amin'ny Teny momban'ireo mpaminany.

Jaona Mpanao Batisa indray andro dia nitsangana teo amin'ny reniranon'i Jordàna ary nanao Batisa an'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra Velona, ary nahita ny Fanahin'Andriamanitra nidina avy any an-danitra tahaka ny voromailala, ary fantany fa io ilay famantàrana avy amin'Andriamanitra. Noho izany dia afaka nanambàra tamin'izao tontolo izao izy, *"Indro ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra izay manàla ny fahotan'izao tontolo izao?"* Nisy osotra teo aminy rehefa nilàza izany zavatra izany izy. Tsy misy hafa amin'izany rehefa niresaka momban'i Elia i Rahalahy Branham: nitsangana teo amin'ny Tendrombohitr'i Karmela izany mpaminany izany ary niantso afo avy any an-danitra, naka ireo mpaminany sandoka efajato ary namono azy ireo, nivavaka mba hanidiana ireo lanitra (varavaran'ny lanitra) mandritra ny telo taona sy tapany, niodina avy eo dia nanokatra azy ireo indray, nihazakazaka ho any an-tanàna tamin'ny kalesy; fa nisy ramatoa kely iray tonga ary niapànga azy, ity mpaminany mahery ity dia mihazakazaka hamonjy ny ainy. Rahalahy Branham dia nilaza fa io dia mampiseho ny faha-samihafàna raha eo amin'ny mpaminany ny osotr'Andriamanitra na tsy eo. Niala tamin'i Elia ny Fanahy tamin'i Jezebela niapanga azy, ary Andriamanitra aza dia tsy maintsy niaro ny ainy. Na dia ny mofo nohaniny aza dia tsy hitany. Ny Tompo dia naniraka azy ho any amin'ny tranon'ilay ramatoa kely mananontena iray mba hihinana. Tahak'izany ihany tamin'ny Jaona Mpanao Batisa, izay tsy nisalasala na nianahana tamin'ny fanambaràna fa i Jesosy ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra; fa volana vitsivitsy taty aoriana, rehefa tany am-ponja i Jaona, dia hafa ny fandehan'ny tantàra. Tany no nanirahany hanontany raha i Jesosy ilay Iray, na mbola tokony hiandry hafa izy ireo.

Tena avy ao ampon'i Jaona ve (sincère) ny fanambarana nataony momba an'i Kristy? Tena avy ao ampon'i Elia ve tamin'izy nanao asa mahagaga tamin'ny anaran'ny Tompo? Mazàva ho azy. Rehefa nilàza teo ambanin'ny osotra izy ireo, dia miresaka tahaka an'Andriamanitra. Fa tokony ho fantatsika fa na dia mpaminany aza izy ireo, dia olombelona ihany. Miresaka tahaka ny olona koa izy ireo.

Tamin'ny andro nilazan'i Rahalahy Branham fa ilay fahitàna momba ilay tranolay dia eo ambanin'ny osotra, dia hoy ny filazany, *"Jerenareo tsara izany, tahaka ny nataon'ny hafa, dia ho tahaka izany ihany*, satria io dia *'izao no lazain'y Tompo'*." Tamin'izany fotoana izany izy dia niresaka tahaka an'Andriamanitra. Fa tokony ho fantatsika fa tsy afaka haka ny antsipirihiny izahay tamin'ny resaka nifanaovana manokana, amin'ny alalan'ny fiheveranay manokana, ka hanao hoe *"izao no lazain'ny Tompo."*Amin'io lafiny io, dia tsy afaka hilaza izahay *"izao no lazain'ny Tompo,",* satria mety tsy ho azonay ny tian'ny mpaminany ambara manokana taminay. Ilay fahitàna momba ny tranolay dia *"Izao no lazain'ny Tompo."* Io dia tsy maintsy tanteraka. Tsy misy fanontaniana ny amin'izany ao antsaiko, fa ho an'ny ny olona hafa handika izany dia mametraka fanontaniana ao amin'ny saiko.

Ny andro nilazan'i Rahalahy Branham izany tamiko dia ny finoany fa misy toerana ho ahy ao, dia nilaza koa izy, *"Rahalahy Pearry, tsy fantatro raha tranolay io. Nipoitra tahaka ny tranolay io, fa mety ho trano lehibe na katedraly?"* Dia hoy izy avy eo, *"Fantatrao, maro ny olona no mitady tranolay, fa manontany tena aho raha hitady tranolay izy ireo, na hitady ny Fampakàrana izy ireo."* Ny sasany milaza fa ny Fampakàrana dia tsy hitranga raha tsy tanteraka ny fahitàna an'ilay tranolay; fa raha misy zavatra iray nianarako, dia ny tsy manankina amin'ny zavatra iray amin'ny hafa. Tadidiko tsara ny nilazany mazava tsara, *"Aza mitady an'izany; ny Fampiakàrana jerena."*

Alohan'ny nisarahanay tamin'io andro io, dia nilaza izao Rahalahy Branham. (Raha tsy nilaza izao izy dia, ho tsaraina amin'izany aho amin'ny andro farany.) Hoy izy, *"Rahalahy Pearry, nilaza izany zavatra izany taminao aho anio, ka rehefa miàla ho any Tucson ianao dia afaka hanampy ireo rahalahy mba*

ahitan'izy ireo ny lalana tokony ho jerena na hiviliana." Ny hafa dia tsy nankasitraka izany, fa raha misy fankasitrahana ny nilazany tamiko izany sy ny fotoana nolaniany niaraka tamiko, dia misy ihany koa ny andraikitra. Hoy izy, *"tsy hanome anao zavatra ho an'ny olona matahotra izay tsy afaka ny hijoro sy hilaza izay ao amin'ny eritreriny izy."* Mino aho fa ny hamerenako ireo zavatra ireo tamin-kitsimpo miaraka amin'ny toe-tsaina madio sy mendrika, ary tsy mitady zavatra hafa afatsy ny hoe ilaina mba hanampy ny hafa no nandrasany tamiko. Noho izany dia nolazaiko izy ireo.

Ny Septambra 1965, tao amin'ny Ramada Inn, tao Tucson, niara-nipetraka tamin'i Rahalahy Branham aho ary dia mbola naveriny tamiko indray ireo zavatra ireo. Napoitra indray ireo fahitàna, ary ny fahitàna ny tranolay dia tao anatin'izany. Tamin'ny namaranany azy, dia nanontany azy aho hoe nahoana no mandany fotoana miaraka amiko izy. Nolazaiko azy ny nahafantarako fa misy olona anjatony ao an-tanàna izay te hanao fanadihadiana (interview) aminy. Nanontany azy aho hoe, nahoana no izaho? Nijery ahy izy dia niteny tsotra hoe, "Rahalahy Pearry, io dia efa natao ho izany ny dikany."

Fa inona ary ilay Fahitàna ny Tranolay? Tiako ny hilaza aminareo ny fahatsapako izay nolazain'i Rahalahy Branham momban'io.Voalohany indrindra, ilay fahitàna momba ny tranolay dia *"Izao no lazain'ny Tompo."* Io dia tokony hotadidiantsika, tsy hijerentsika ny zavatra hafa mety handalo ny sofintsika. Tsy niteny izy hoe, *"mety."* Fa nahitsy izy. Ilay fahitàna dia iray amin'ireo fahitàna telo nifanesisesy izay tonga tamin'ny fotoana iray. Ireo roa hafa dia efa voazava, fa ny fahitàna momban'ilay tranolay dia mirakitra misitery sy zava-miafina izay nolazainy fa ilay Anjelin'ny Tompo nibaiko azy ny tsy hanambara an'io na amin'iza na iza. Tamim-pahatokisana dia nokoboniny ireo tsiambaratelo ireo, manantanteraka ny voadiny izy fa ho entiny ao an-kibony ny zava-miafina eny fa raha tsy maintsy ho faty aza izy alohan'ny ahatongavan'ny Tompo. Eo am-pikarakarana ity zavatra ity, dia namaky ny toriteny rehetra momba an'io aho, ary ny eritreritro dia madio fa izay zavatra tiako hambàra dia tohanan'ireo tenin'ny mpaminany. Fantatro tsara ny toerana misy ahy izay hanadinana ahy raha mitarika ny olona izay mamaky ity any amin'ny fahadisoana aho.

Ny fanamarihana voalohany nataony momban'ilay fahitàna ny tranolay dia voarakitra ao amin'ny toriteniny "Voaly ao Anatiny" izay notoriany ny 1 Janoary, 1965 izay midika ary mampiseho fa ilay fahitàna dia tonga taminy ny Desambra 1955. Alohan'ny anehoako ity tantàra momban'ny fahitàna ity, dia aleo hojerentsika ny tamin'ny 7 May 1946, tamin'ny nanomezan'ilay Anjelin'ny Tompo azy ny asa ho ataony, nilazàny taminy fa raha vitany mino azy ny olona fa mpaminanin'Andriamanitra izy, dia tsy hisy na inona na inona hanakana ny vavaka ataony, eny fa ny omamiadana (cancer) aza. Tsarovy fa ity olona ity izay manao izany asa mahagaga izany dia nivoaka tao anatin'ny fianakaviana tena faran'izay mahantra. Tamin'izy mbola zaza, tsy mba nànana lobaka izy ho entiny mianatra,noho izany dia ny palitaony no nanaovany ary misy bokotra hatrany ambony. Indray andro, nampahonena azy, raha nataon'ilay mpampianatra ohatra io ka nampagatsiaka azy ary nikisaka nankaiky ny fakàna hafanana izy. Alaivo sary anie izy nipetraka teo e! Toa mangovitra kanefa doran'ny hafanana koa etsy andaniny. Tamin'ny fahazazany izy dia efa nisedra fanambaniana, mahita ny olona miampita ny arabe ary midify azy. Branham izy. Ny rainy dia mpivarotra toaka.

Tamin'izy mbola zatovo dia nampiasa ny vola kely azony hividianana fandrika vy hamandrihana bitro hividianana zavatra ho hanina ho an'ny fianakaviana. Izay vola sisa ambiny dia nividianana fandrika avokoa. Eo anatrehan'izany fahantràna izany, dia tsy mahagaga raha tsy nino azy ny olona rehefa niresaka azy ireo momba ilay famangian'ilay Anjely izy sy ny fahaombiazana mahagaga ny asa fanompoany. *"Tsy misy olona hiaino anao."* hoy ny filazan'izy ireo izay mampalahelo. Mbola nitohy ny fanambaràna mangidy nataon'izy ireo, *"Ianao tsy olona malàza, olona tsy nianatra akory ianao."* Fa narosony ihany na dia izany aza, ka tamin'ny fivoriana voalohany tao St Louis niaraka tamin'ny lobaka rovitra ny vozony ary niseho nivadika teo, ny lavaka teo amin'ny palitaony, izay tsy maintsy

notapenany tamin'ny tanany rehefa mitory izy, ary na dia akanjo mandry iray aza amin'ny anarany dia tsy nisy. Nitohy ny fivoriana nataony. Maro amin'izy ireo no mahatratra dolara anarivony maro ny vidiny, fa izy kosa nampahafantarin'Andriamanitra fa raha mbola manao asa fitoriana izy ary tsy mangata-bola, dia hijanona eo amin'ny sehatra. Noho izany tamin'ny taona 1955, dia tonga ny fotoana rehefa nampilazàna izy fa taorianan'ny fivoriana natao tao California dia nisy trosa 15 000 dolara ry zareo. Ny alin'io dia niresaka tamin'ny Tompo izy: nilaza tamin'ny Tompo izy fa nanaraka tsara ny hafatr'ilay Anjely hatramin'izao koa dia hanaiky ny fomba fisainany miaraka amin'Andriamanitra izy, mba hiverina eo amin'ny sehatra toy izay hangata-bola. Nentiny niverina nanavatsava ny tanàna ny fianakaviany ho any Jeffersonville.

Raha teny an-dalana niverina nanerana ny tanana, dia hadinony ny nilaza tamin'ny fianakaviany ny momba ny fanapaha-kevitra noraisiny. Voalohany, nihevitra izy fa tokony nilaza tamin'izy ireo tao Arizona: kanefa tsy maintsy tao amin'ny "tanàna lehiben'i Texas izay nihavian'ny reniko, hoy izy. Ny niafarany dia tao Jeffersonville ihany no namakiany ny vaovao tamin'izy ireo. Rera-tsaina, rera-batana, ary araka ny filazany, tsy afaka nahalala ny anton'izany izy, na dia marina teo anatrehan'ny fampanantenan'Andriamanitra aza izy tao anatin'ny sivy taona. Tsy afaka hanaiky ilay trosa izay fantany fa ho avy, satria tsy izay no nifanarahany tamin'Andriamanitra. Niresaka ny hiverenany tamin'ny asany taloha izy, izay tao amin'ny Public Service Company, na hiara hipetraka amin'ny namany taloha, ry Rahalahy Bank Wood.

Ireo antony amin'ny fanakiviana, fahavereza-kevitra ireo no mametraka ny ambaratongan'ny fahitàna ilay tranolay. Vaky ilay fahitàna raha iny izy nipetraka teo amin'ny sisin'ny fandrianany iny ny maraina, niresaka tamin'i Ranabavy Meda izy. Tamin'ny fomba nilazany azy:

> *Ankehitriny ianareo izay mahalala ahy, dia mahatsapa fa tsy mitompo teny fantatra aho (fanatique). Tsy milaza ireny zavatra ireny aho raha tsy marina ireny. Marina izany. Ary izaho - - nahita izany, dia hitako Rahalahy Arganbright nijoro teo. Ary nankeo aminy aho. Hoy izy, "Rahalahy Billy," hoy izy, "efa nozarainay daholo ny karatra fivavahana (prayer cards) rehetra, ary efa vonona ny zava-drehetra amin'ny fivoriana. Misy lalana efa nomaninay hitondrana anao miditra na mivoaka.*
>
> *Hoy aho, "Misaotra ano, Rahalahy Arganbright."*
>
> *Ary dia nandeha teo amin'ny rahalahy sasany aho. Nisy rahalahy iray hafa nitory teny. Dia hoy aho, "Iza izy?"*
>
> *Hoy izy ireo, "Napetrak'izy ireo teo izy."*
>
> *Hoy aho, "ry zareo iza?" Dia niodina izy ireo, ary nandeha niala. Ilay lehilahy dia namela ny mpihaino handeha ary nilaza fa tampitra. Dia hoy aho, "Oh, tsy tokony hanao izany ianao, satria misy - - mbola tsy nisy fanoloran-tena."*
>
> *"Oh" hoy izy ireo... Nisy namana anankiray niteny ary nilaza, "Efa nalainay ny rakitra" Dia hoy aho, "Rahoviana ny rakitra no manann-danja kokoa nohon'ny fanahy eo anatrehan'i Kristy?" Hitanareo?*
>
> *Ary tamin'izany, ilay Anjelin'ny Tompo dia nitondra ahy nivoaka indray, nentiny teo amin'ny reniranokely madio manganoano aho. Io dia rano manganoano tena tsara dia tsara;ary nisy trondro lehibe nilomano nanodidina teo. Hoy izy, "Ho Ataoko mpanjono ianao."*

Dia hoy Izy "Amin'izao, atsipazo ny fitanao ho ao anaty rano;ary rehefa manao izany ianao, sintony moramora aloha amin'ny voalohany; ary amin'ny faharoa dia sintony kely, tsy dia mafy loatra; ary manaraka, apetaho ny lela-pitanao hanjonoana.

Dia nanomboka nanipy ny fintako tao anaty rano aho. Nisintona aho, dia nanomboka nifaly ny olona ary nilaza, "Mahagaga izany, Mahagaga izany."

INangitakitaka be aho ary nosintoniko mafy ilay iray nivoaka manaraka teo; Nosintoniko ny trondro ary izy rehetra dia nivoaka ny rano. Ary ireo dia , trondro kely, izay mitovy habe amin'ilay fandrika. Avy eo ny fintana dia niorongorona. Noho izany dia nahitsiko ny fintana,ary ilay Lehilahy niresaka teo aorinako, dia nandeha niodina teo alohako, nanao fitafin'ny olona avy ao Palestina ary misy fehiloha ny lohany. Fotsy ny akanjony. Hoy izy, "Rahalahy Branham, izay ilay izy."

Hoy aho, "Fantatro fa tsy nety ny nataoko." hoy aho, "Nosintoniko tampoka izy kanefa tsy tokony nataoko izany."

Hoy izy, "Aza ato miorona ny fintanao amin'ity indray mitoraka ity."

Dia hoy aho, "Eny, ataoko mahitsy araka izay tratrako io. Tena hitandrina aho."

Hoy izy, "Izao ary, tamin'ny aho voalohany niresaka taminao, dia nametra-tànana tamin'ny olona ianao ary nilaza tamin'izy ireo izay tsy mety ao amin'izy ireo. Ary ny sintona faharoa, nahoana, rehefa nataonao, dia fantatrao ny zava-miafina tao ampon'izy ireo. Ary nataoko ho mpahalala ny ho avy ianao teo anatrehan'ny vahoaka. Fa ianao mitady ny hanazava izany foana. Tokony tsy nanao izany ianao." Hoy Izy, "Nataonao fisehoana teo imason'ny olona izany?"

Hoy ny navaliko "Tena miàla tsiny aho."

Avy eo dia nentiny niala teo aho, ary dia nahita tranolay ngezabe. Mbola tsy nahita tranolay hoatran'izany aho. Ary io dia hiboka olona nilahatra tao anatiny. ary izaho dia nandeha ho eny amin'ny... Hoatran'ny hoe mitsangana eo ambonin'ny olona aho, mijery ambany, izay vao avy nampanao fanoloran-tena. (ilay sary dia teo ambonin'ny olona izy, fa teo ambanin'ny tranolay, mijery ny lapihazo, tahaka ny vao avy nampanao fanoloran-tena izy – efa zavatra fanaony izany tamin'ny fivoriana rehetra nisy azy), *ary anjatonjatony maro no nitomany sy nifaly rehefa nandray an'i Jesosy Tompo ho Mpamonjy azy ireo.*

Dia nijery aho, ary nahita lehilahy nitsangana nilaza nanao hoe, "Antsoy ny filaharana am-bavaka." (Amin'ny toerana hafa, dia milaza an'io lehilahy io izy fa tsara fanahy, malefaka, ary lehilahy antitra.) *Ary ny olona dia nanomboka nilahatra tamin'ity ilany ity – miankavia avy eo amin'ilay nitazanako ny lapihazo, ary dia nilahatra izy ireo niakatra sy nidina ny arabe mba hivavahana.* (Ilay filaharana mba hivavahana dia niforona, hoy izy, amin'ny ankavanan'ny lapihazo. Tena efa mahazatra azy izany satria ilay Anjelin'ny Tompo dia mitsangana mandrakariva eo amin'ny ilany havanany. Mazava ho azy, avy eo amin'ny toerana nijereny izany, avy eo ambony, ambonin'ny lohan'ny olona, mijery ny lapihazo eo ambany, dia niforona te amin'ny ankaviany ny filaharana amin'ny fitondrana ambavaka. *Tsikaritro teo amin'ny haviako,izay tokony teo amin'ny hakavanako raha teo amin'ny lapihazo aho, dia nisy trano*

hazo kely. (Amin'ny tantara hafa amin'ity fahitàna ity dia miresaka tapaka lamba matevina izy (canvas), ary nisy vehivavy nandray anarana – tahak'izany. Rehefa hiakatra eo ambony fitondrana marary ny olona, dia misy lehilahy tonga ary manosika azy ireo. Ny olona dia miditra ao amin'io efitra kely io, notantarainy izany taty aoriana, ary izy ireo dia mivoaka ery amin'ny ilany efa sitrana.)

Ary hitako io hazavàna io, ary izany rehetra izany –manana izany sary izany izy ireo, efa fantatrareo izany, (Io sary io dia nalaina tao Houston, Texas, ny 24 Janoary, 1950 – io ilay mavo-maitso, izany hoe, hazavàna lokona volona metaly tahaka ny Andry Afo izay nitarika ny Israelita niala tao Egypta. Ilay hazavàna izay hitany hatramin'izy mbola zazalahy kely, ary nolazainy ny olona matetika fa teo amin'ny efitra io niaraka tamin'izy ireo nandritra ireo fivoriana ireo.), *izany dia ao amin'ny fivoriana mandrakariva; hitako io hazavàna io nandao ahy, ary nandeha tery amin'iry trano avo be iry; ary nisy Feo nilaza tamiko, "Any ianao no hitako; izany no ho sintona fahatelo."*

Hoy aho hoe "Nahoana?"

Hoy izy, "Eny ary, ity dia tsy fampisehoana ho an'ny rehetra tahaka izay efa azondry zareo." Dia tonga aho. (Niala tamin'ilay fahitàna izy.)

Io fahitàna io dia tonga tamin'ny fotoana izay ratsy indrindra tamin'ny fiainan'ny mpaminany. Vao avy nahavita sivy taona tamin'ny asa fanompoana tena nahomby izy, izay tsy mbola nisy nanao izany – kanefa eto izy dia, ivelàn'ny sehatra tsy misy fanazavana. Ny vavan'ny olona dia tsy mamindra fo amin'ny fanazavan'izy ireo fa William Branham dia nanary ny herin'Andriamanitra tao aminy, ary very ny fanomezam-pahasoavany. Io dia avy amin'ny olona eran'izao tontolo izao, izay nanambara fa izy dia lehilahy mahagaga avy amin'Andriamanitra. Mety afaka nahazo na inona na inona izay noeritreretiny izy.; ohatra afaka notazominy ilay 1 500 000 dolara nalefan'ilay lehilahy avy any Chicago ho azy, fa naveriny izany. Ny taratasiny avy amin'ny paositra dia nahatratra taratasy arivo hatramin'ny sivy amby fitopolo isan'andro. Ny hany zavatra ho an'ny olona eo ambonin'ny latabatra fiasàny dia lambam-bavaka (ohatra: mouchoir) mba ho fanasitranana azy ireo, ary satria izy tsy mba nivarotra na nampisongadina na inona na inona, ireo olona kely (isa) dia toa lasa mirona tamin'ny be sy ny maro. Fa mba hisokafan'ny biraony, dia nandany zato dolara isan'andro izy, noho izany dia tsy afaka niala izy. Teo amin'ny lohasahan'ny fanapaha-kevitra izy, nitady tamin'ny heriny rehetra mba hahafantatra ny sitrapon'ny Tompo, tamin'ny nanomezan'Andriamanitra azy ilay fahitàna ny tranolay. (Amin'ny fotoantsika tena maizina indrindra, dia afaka manana fanantenana lehibe isika.)

Fotoana fohy taorian'izany, Rahalahy Arganbright dia nanontany azy mba ho avy any Mexico amin'ny fivoriana. Nanazava izy fa mbola tsy tany Mexico minintsy hatramin'izay satria hoy izy, *"Noheveriko fa izany no anisan'ny toerana iray hanorenako ny tranolay."* ny fahitàna momba ilay tranolay dia loharan'ny fanantenana lehibe teo aminy, nomen'Andriamanitra azy mba ahafantarany fa na dia mihena aza ny ambaratonga sasany, dia mbola misy mahery kokoa anankiray, feno kokoa amin'ny asa fanompoany no efa eo aloha. Tena nahatokisany loatra io fahitàna ilay tranolay io, ka dia nampitahainy amin'ireo zavatra maro izay tsy maintsy nataony tamin'ny olona alohan'ny nialany tao amin'ny fiangonany tao Jefersonville – zavatra izay tanteraka avokoa. Ka rehefa tanteraka izany zavatra izany – ny famantarana eo amin'ny tanana sy ny tsiambaratelon'ny fo niseho – nohazavainy fa ho tahaka izany koa io fahitàna, fa io koa dia *"Izao no lazain'ny Tompo."*

Rehefa nanazava Rahalahy Arganbright fa ilay toerana fampisehoana ny adin'omby ao Mexico no hanaovana ny fivoriana, Rahalahy Branham izay mbola tsy afaka ao antsainy ny momba ilay fahitàna

ilay tranolay, dia nieritreritra, *"Mety ho ity ilay izy."* Azo antoka fa ny fijerena ny olona manodidina dia mifanaraka tsara amin'ny ampahany voalohany tamin'ilay fahitàna tamin'ilay olona iray nandefa ny olona tao amin'ny fivoriana rehefa avy nanao fitatazan-drakitra. Noho izany dia nanaiky ilay fivoriana tao Mexico izy. Rahalahy Arganbright sy Rahalahy Jack Moore dia nanao izay mety tamin'ny fandaminana.

Tamin'ny andro nialan'izy ireo hamonjy ilay fivoriana, dia nolazain'i Rahalahy Branham ny sasany, *"Ry namako, misy olana ny ahatongavantsika eto."*

Ilay erika hitany tao amin'ilay fahitàna (niseho tamin'ny fotoana hafa ankoatran'ny tamin'ny nanombohany ny toriteny "Voaly Anatiny".) Rehefa tonga tao amin'ilay toerana fanaovana fampisehoana ady amin'ny omby, dia gaga izy ireo. Nisy olona nandrava ny fivoriana. Tsy misy olona nahalala izay nanao an'io. Mandà daholo ny olona ary nilaza fa tsy nanao izany, na mahafantatra izany. Ny ampitson'io, dia nandray fiaramanidina niverina nody tany Jeffersonville Rahalahy Branham.

Rahalahy Moore dia niezaka tamin'ny herimpo verimaina ny ahafantatra izay nandrava ilay fivoriana. Tsy mbola voavaha io misitery io, fa Rahalahy Moore dia nilaza tamin'i Rahalahy Branham fa raha tsy nino azy mihintsy izy taloha, dia ankehitriny kosa dia mino izy. Rahalahy Branham dia nanamafy fa io dia fahatanterahan'ilay fahitàna voalohany tamin'ireo sokajy nisy ilay fahitàna ny tranolay. Ny fandikana izany dia an'azy manokana.

Ny 8 Aprily, 1956, dimy volana taorian'ilay fahitàna ny tranolay, Rahalahy Branham dia nitondra hafatra tamin'ny lohateny hoe *Fahitàna sy Faminaniana.* Nanazava momban'ny fandehanana tany Mexico izy ary nanome ny dikany fa sombiny voalohany amin'ny ambaratongany izay misy ilay fahitàna ny tranolay io. Nohazavainy fa ny sombiny faharoa tamin'ilay fahitàna dia momban'ny trondro, dia ilay Sintona Faharoa izay nahitany ny tenany niezaka nanazava zavatra mihoatra ny natioraly tamin'ireo *"Zaza Pantekostaly"* Io dia niseho tamin'ny antsipirihiny tao amin'ny hafatra nentiny. *"Tompoko, izao ve ilay fotoana?"* Nambarany fa tamin'ny nahatongavan'io fahitàna io, dia niezaka nampiditra zavatra sahala amin'ny tady izy, tao anatina lavaka fehikiraron'ankizy kely, raha niteny taminy ilay feo nanao hoe, *"Tsy afaka manao izao ianao. Jereo ny faran'ilay tady."* Rehefa nijery izy dia hitany fa ny faran'ilay tady dia ao amin'ny habeny. Rehefa niondrika haka aan'io izy, dia niove tampoka ny sehatra, teo am-panjonoana izy.

Mba ahazoana sary feno momban'ny ambaratongan'ny fahitàna telo, izay misy ny fahitàna ilay tranolay, dia tokony hamaky ny toritenin'i Rahalahy Branham ianao, *"Fahitàna sy Faminaniana", "Voaly Anatiny"* ary *"Tompoko, Inona ilay fotoana?"* Na dia izany aza, Rahalahy Branham dia tsy namela fisalasalana fa ilay fahitàna voalohany dia ilay fahitàna ny Sintona Voalohany, ary tanteraka tamin'ilay dia tany Mexico. Ny faharoa dia ny fitenenana sy fahafantarana ny tsiambaratelon'ny fo, rehefa niezaka nampianatra ny mpanompo sasany izy ny amin'ny fomba fanjonoana, ary ilay Anjelin'ny Tompo nibedy azy, nilaza fa tsy nisy zavatra nataony afatsy namoaka vondron'olona mpaka-tahaka aranofo – olona miezaka maka tahaka azy avy amin'ny alalan'ny fanazavany azy ireo -ary tsy tokony nanao izany izy. Izany no nahatonga azy nanazava ny ampahany rehetra tamin'ny fahitàna afatsy ilay fahitàna ny tranolay ihany.

"Tompoko, Izao ve ilay fotoana?"

> *Eto ary amin'ity fahitàna ity, na araka ny filazako azy,dia nijery aho ary nahita zavatra hafahafa. Io dia hoatran'ny hoe teo anilako i Joseph zanako lahy. Niresaka taminy aho. Ankehitriny, raha arahinao akaiky ny fahitàna, dia ho hitanao ny antony nitsanganan'i Joseph*

teo.

Dia nijery aho, ary indro nisy kirihitr'ala lehibe teo.Ary teo amin'ilay kirihitr'ala - - tao anatin'ny vorona marobe, voron-kely, 1,27 cm ny halavany ary ny ahavony dia 1,27 cm, izy ireo dia kely fa dada (veterans). Ny volokelin'izy ireo dia manjelatry ny hafanana. Ary nisy roa na telo teo amin'ny rantsana faratampony, enina na valo teo amin'ny rantsana manaraka, dimy ambiny folo na roapolo teo amin'ny rantsana manaraka,nidina ambany nanao endrika piramida. Ary ireo sakaiza kely, iraka kely... Izy ireo dia tena reraka ary mijery miantsinanana,ary izaho dia tao Tucson, tamin'ilay fahitàna. Fa ny antony nanaovana izany dia tsy tiany aho tsy ahita izay nisy an'io, nanala tsilo hiala tamiko aho izay azoko tany an'efitra. Dia hoy aho, "Ankehitriny, dia fantatro fa fahitàna ilay izy, ary fantatro fa aty Tucson aho. Ary fantatro fa ireo voronkely ireo dia manambara zavatra." Ary izy ireo dia mitazana miantsinanana, ary tampoka teo dia nikasa ny hanidina izy ireo, ary dia lasa niantsinanana.

Ary raha vao lasa izy ireo, dia nisy andiana vorona lehibebe kokoa tonga. Takaha ny voromailala, maranitra ny elany, toa volondavenona ny lokony, somary matroka ny lokony mihoatra iretsy mpitondra hafatra kely voalohany. Haingana be ny fahatongavan'izy ireo avy any antsinanana. Ary tsy hitako akory ny nandehanan'izy ireo, dia nitodika niakandrefana aho, dia teo no nitranga. Nisy fipoahana izay azo lazaina fa nampihontsona ny tany rehetra. Izao ary, aza adino ity. Ary ianao izay miahaino amin'ny fandraisam-peo, ataovy izay ahazoanao azy tsara.

Voalohany dia fipoahana. Nihevitra aho fa tahaka ny feo manako, na - izay mety iantsonao izany rehefa mandalo ny fiaramanidina, ilay feo dia miverina amin'ny tany: toa mihovitra miraondraona, izany rehetra izany: Mety ho - - kotroka nidona mafy be sy tselatra, tsy nahita tselatra aho. Henoko fontsiny io fipoahana lehibe io, izay nivoaka ary hoatran'ny avy any atsimoko izany, mankany Mexico.

Fa io dia nanetsika ny tany, ary raha nataony izany, dia mbola nijery niakandrefana aho. Ary lavitra be any amin'ny mandrakizay dia nahita zavatra marobe tonga aho. Io dia tahaka ny teboka kely. Tsy latsaky ny dimy izy ireo, ary tsy mihoatra ny fito. Fa miendrika piramida izy ireo, tahaka ireo iraka ho avy.

Ary rehefa afaka izany, ny herin'Andriamanitra Tsitoha nanainga ahy ho any amin'izy ireo. Ary afaka nahita izany aho. Izaho.... Tsy niala tamiko izany na oviana na oviana. Valo andro no lasa, kanefa mbola tsy hadinoko izany. Tsy mbola nisy zavatra nanahiran-tsaina ahy tahak'izany. Ny ankohonako dia hitantara aminao.

Afaka nahita ireo Anjely ireo aho,ireo mirafitra mainty ny elany mandeha mafy be nohon'izay mety alehan'ny feo. Avy any amin'ny mandrakizay izy ireo tao anatin'ny indray mipi-maso monja, tsy mbola mikipy akory ny masonao, mihetsika fotsiny. Teo izy ireo. Tsy nanana fotoana nanisana aho. Tsy nanam-potoana aho,tsy misy afatsy ny nijery. Mahery ireo, Anjely lehibe feno hery, fotsy tahaka ny oram-panàla, ny elany mipetraka eo amin'ny lohany, ary izy ireo dia "Whew Wheew"(io io)[Rahalahy Branham dia manazava - -]ary rehefa afaka izany,dia nentina niakatra tany amin'ilay piramida misy ireo kintana maro aho. Nieritreritra aho,"Ankehitriny, izay no izy. "Nihorinkoditra ny tenako iray manontolo, ary nilaza "Oh ,my. (Oadray!) Io dia midika fa hisy fipoahana izay hahafaty ahy. Eo amin'ny faran'ny lalako aho izao. Tsy mahazo miteny ny oloko aho hoe rahoviana io fahitàna io no miainga. Tsy tiako ahafantatra izany izy ireo, fa ny Ray ao an-danitra namela ahy ahafantatra ankehitriny fa vita ny androko. Tsy hilaza

amin'ny ankohonako aho fandrao hiahiahy ny amiko izy ireo, satria efa niomana ny handeha Izy ary ireo Anjely ireo dia ho tonga noho ny amiko, ary ho faty tsy ho ela aho, eto dia ao amin'ny karazana fipoahana."

Dia tonga teo amiko izany, raha teo amin'ireo kintana maro aho, "Tsia, tsy izany io. Raha hahafaty anao io dia ahafaty an'i Joseph, ary afaka nandre an'i Joseph niantso aho niantso ahy. "Teo dia,niodina indray aho ary nieritreritra." Andriamanitra Tompo, inona no dikan'ity fahitàna ity?"Ary dia nanontany tena aho, dia tonga tamiko io avy eo, tsy feo, fa tonga teo amiko. Oh, izay ireo Anjelin'ny Tompo tonga hanome ahy ny asako vaovao. Ary rehefa nieritreritra izany aho, dia natsangako ny tanako, ary nilaza, "E ry Jesosy Tompo, inona no asainao ataoko?" Dia niala tamiko ilay fahitàna.

Teo amin'ny adiny iray dia tsy nahazo aina aho. Ankehitriny, ianareo vahoaka dia mahafantatra ny atao hoe fitahin'andriamanitra. Fa ny herin'ny Tompo dia zavatra hafa mihintsy. Ny herin'Andriamanitra amin'ny karazana toerana, nahatsapa maro tamin'izany aho, imbetsaka tamin'ny fahitàna, fa tsy tahak'izany. Ity dia tahaka ny tahotra tompoina. Tena mampatahotra ka nipararetra aho teo anatrehan'ireo Zava-manan'aina ireo. Milaza ny marina aho. Tahaka ny nilazan'i Paoly, "Tsy mandainga aho." Tsy mbola nahita ahy nilaza zavatra lainga ianareo momban'ny zavatra tahaka izany? Misy zavatra hitranga.

Dia rehefa afaka izany dia hoy aho, "Jesosy Tompo, raha ho faty aho, dia avelao ho fantatro fa tsy hiteny izany amin'ny olona aho; fa raha zavatra hafa, dia aleo ho fantatro." Ny- - tsy nisy valiny. Rehefa nandao ahy ny Fanahy nandritra ny antsasak'adiny teo na nihoatra ny fiheverako azy, dia hoy aho, "Tompo raha izaho izany no ho faty, ary Ianao dia hamita ny momba ahy ety an-tany, ary - -ary ho entina mody aho ankehitriny, raha izany no izy, dia tsara izany? Tena mety izany." Dia hoy aho, "Raha izany dia aleo ho fantatro. Avereno amiko indray ny Herinao. Fa tsy hiteny ny oloko aho, na olon-kafa momban'io, satria efa nanomana ny haka ahy Ianao." Ary izaho... Ary dia tsy nisy na inona na inona nitranga. Dia niandry teo aho. Dia hoy aho, "Jesosy Tompo, raha tsy izany no dikany, fa raha midika fa misy zavatra omenao ahy ataoko, ary haseho ahy any aoriana, dia alefaso ny Herinao." Ary io dia saika nanainga ahy teo amin'ny efitra.

Notantarainy tao ampiangonana io fahitàna io. Avy eo taorian'ny toriteny, dia niverina niresaka ilay kintana maro be indray izy izay niaraka tonga ny 11 Jona 1933, tamin'izy nanao batisa tao amin'ny Reniranon'ny Ohio, rehefa tonga ilay hazavàna mahagaga niodikodina nidina niantona teo ambonin'ny lohan'ity Mpanompo tao amin'ny Batista, ary olona efatra arivo no vavolombelon'izany. Ny sasany nandositra fa raiki-tahotra, ny sasany nandohalika nivavaka, fa nisy feo niteny avy ao anatin'izany ary nilaza, *"Tahaka an'i Jaona Mpanao Batisa nalefa hialoha lalana ny fiavian'ny Tompo voalohany, ny hafatrao dia hialoha ny fiaviany faharoa."* Hoy izy, *"Ankehitriny, jereo, misy maha samihafa ny anjely avy amin'ny Lanitra sy ny iraka ety an-tany."* Tiany ho hitan'ny olona fa misy zavatra mitranga izay mbola tsy tena azony; nitory ny Taom-Piangonana izy, fa izy koa nahalala fa nomen'Andriamanitra azy ny fahitàna ilay tranolay. Fantany fa Andriamanitra dia nilaza taminy fa hisy asa lehibe ho avy, ary niezaka nanazava ny mpiangona izy, fa tsy izy izany, fa Andriamanitra izay nanao an'izany zavatra izany tahaka ny nataony tamin'ireo iraka hafa rehetra. Eto amin'ny maha iraka ny taompiangonana fahafito, dia misy zavatra mihoatra ny natioraly hitranga. Nanontany ny mpivavaka tao aminy izy, *"Ahoana raha zavatra mamela antsika ahafantatra ny fidirana ao amin'ny finoanan'ny ampakarina? Izany ve? Hiazakazaka ve isika ka hitsambikina hioatra ny rindrina? Misy zavatra hitranga ve,cdia ity vatantsika maloto sy ratsy ity dia hovàna? Afaka ho velona mba ahita n'izany ve aho, Tompo o? Efa tena akaiky ve izany ka ahita izany aho? Ity taranaka ity ve? Tompoko, ry rahalahiko, fotoana inona*

io?Aiza isika izao?"

Taty aoriana tamin'ny toriteniny *"Tompoko, Inona ilay fotoana?"* dia nanambara izy ny tsy maintsy ampitahana ny fahitàna amin'ny Teny. (Tsarovy fa io dia talohan'ny nitoriany ny tombokase Fito) *"Na"* hoy izy, *"Io ve ilay sintona Fahatelo izay nolazainy tamiko telo na efa-taona lasa izay. Ilay Sintona Voalohany, tadidinao tsara izay nitranga? Niezaka nanazava izany aho. hoy Izy." Aza manao izany" Ilay Sintona faharoa, hoy Izy, "Aza manao..." Fa nisintona ihany aho. Tadidinareo? Ianareo rehetra dia mahatadidy; ao amin'ny rakipeo izany rehetra izany.*
Dia avy eo dia hoy Izy, "Ankehitriny, dia tonga ny sintona fahatelo, fa aza mitady hanazava izany."... "Raha io ny sintona fahatelo, dia misy misitery lehibe manaraka izany. Tsy fantatro. Tsy afaka milaza aho. Izaho - -Tsy fantatro."

Nanohy izy, *"Araho. Sintona Fahatelo. Aleo hijanona kely eo isika iray minitra. Tao amin'ilay fahitàna, ny fanidinana voalohany dia vorona kely iraka;izany dia tamin'ny isika vao nanomboka. Nitombo avy amin'ny fandraisana ny tanan'ny olona io. "Ary tadidinareo izay nolazainy tamiko. "Raha mahitsy ny fonao, dia amin'izany fotoana izany, ho fantatrao ireo tena zava-miafina ao amin'ny fon'izy ireo." Firy no nahatadidy izany nolazaina tety ary eran'ny firenena?Dia nitranga ve izany? Tena nitranga. Dia hoy Izy, "Aza matahotra, hiaraka aminao Aho?" Hitanareo? Dia hitohy io."*

Tsaroany fa tamin'izy mbola zazalahy kely: "Hoy aho, 'Nahita anjely iray aho, aryizy dia afo emeralda mirehitra,' ny olona nihomehy sy niteny, 'Billy, manantona ny tenanao.'"

Nofaritany ny filaharan'ny asa fanompoany tao amin'ny toriteniny, hatramin'ny fotoana nahatongavan'ilay Anjely taminy ary fantany fa "Izao no Lazain'ny Tompo" Hoy izy, "Tsarovy fa ilay sidina kely voalohany dia tànana: (famantaràna teo amin'ny tanana.) *Ilay faharoa dia lehibebe kokoa, fotsy kokoa, voromailala: Fanahy Masina manambara zava-miafina ao amin'ny fo. Ary ny sidina fahatelo dia ireo anjely, fa tsy vorona. Dia izay ny faran'ny fotoana. Izay ny momba izany rehetra izany."*

Ny herinandro manaraka, dia nifindra tao Tucson izy. Ny Martsa tamin'io taona io (1963) nitory ny hafatra izy "Andriamanitra ao anaty Fahamoram-po" izay nanambarany, "*Ny Fampakàrana dia ho tena tsotra, mandrapahatongany indray andro any ary tsy hisy olona hahalala ny amin'izany."*

Ny andro taorianan'ny nitoriany teny "*Ny Banga eo anelanelan'ny Taom-Piangonana sy ny Tombokase;"* avy eo ny andro manaraka, *"Ny Tombokase Voalohany"* Io dia talohan'ny nanehoana ny misiterin'ny tombokase voalohany ary hoy ny nambarany, "*Ankehitriny dia misy tombokase fito, ary zava-miafina ireo, fa hivoaka ny misitery fiton'ny trompetra izay mbola tsy voasoratra akory. Izay ny marina. Mino aho fa amin'ny alàlan'ireo trompetra fito ireo no hiseho ny fakàna ny Ampakarina rehetra ho amin'ny finoana mampiakatra amin'ny andro farany. Satria izay azontsika amin'izao,dia tsy afaka hanao izany isika. Misy zavatra tsy maintsy mandeha eo aloha satria tsy afaka manana finoana amin'ny fanasitranana mahagaga, tena sarotra; tsy maintsy manana finoana ampy isika mba ho ovana..."*

Aleo isika hijanona kely vetivety aloha. Inona no hitany fa hitranga tao amin'ilay fahitàna ny tranolay? Inona no nolazainy fa ho ataon'ny trompetra fito? *Hanova antsika.* Inona no hitan'i Paoly fa hitranga amin'ny olona? Nahita olona tsy maty izy, fa *novàna.*

Hoy izy, *"Tsy maintsy manana finoana ampy isika mba hanovàna antsika ao anatin'ny fotoana iray mba ho raofina hiala amin'ity tany ity ary ho hitantsika fa, afaka vetivety foana, sitrapon'ny Tompo ny*

nanoratana izany. Ireo tombokase ireo dia efa vaky tamin'ny vanimpotoana rehetra teo aloha, fa ankehitriny dia haseho." (Ny tombokase efatra voalohany dia mahakasika ny Jentilisa. Nivaha ny tombokase fahadimy, naseho, ary tanteraka, satria ireo ny fanahin'ny Jiosy mitomany ao ambany alitara – Hitler namono Jiosy 6 000 000. Ny tombokase faha-enina mbola tsy tanteraka. Io ny fotoanan'ny Fahoriambe ary tsy hitranga raha tsy efa noraofina niala ny Ampakarina. Horohoron-tany mahery be no hanokatra an'io, izay mbola tsy nisy olona nahalala izany. Ilay horohoron-tany dia hahatonga fitsanganana amin'ny maty. Taorian'ny horohoron-tany Jesosy dia nampiseho ny Tenany tamin'ireo Rahalahiny. Fa raha voadinikao tsara izany rehetra izany, dia izao ihany no tsarovy, ho diso izany. Nilaza tamintsika Izy ny mba ho Kristiana tsotra ary vonona amin'ny fotoana rehetra. Ny fitafiana amin'ny fampakaram-bady koa dia ny Fanahy Masina. Ny trompetra fito,araka ny voalazan'ny mpaminany dia hanome antsika finoana mampiakatra.

"Ny Tombokase Fahafito" dia niresaka zavatra niainana izy izay noheverina fa nitranga ny tapatapaky ny volana Febroary, 1963, tao Sabino Canyon, Tucson. Teo dia mbola nitady valiny tamin'ilay fahitàna ireo anjely izy, sy ny dikan'ilay fipoahana lehibe izay toa nampihovitra ny tany nanodidina azy. Ny anton'izany dia satria Andriamanitra efa naneho taminy fa io dia momban'ny misitery lehibe izay efa hiseho; fa tsarovy, Jaona Mpanao Batisa dia nanontany fanindroanay, araka ny voalaza ao amin'ny Matio toko 11. Teo Rahalahy Branham dia nahita ny tenany nandeha tamin'ny tendrombohitra, nitaraina tamin'Andriamanitra raha ny hahafatesany no dikan'izany. Fa Andriamanitra nanana antony ny amin'izany, satria nitodika taminy Izy, tsy navelany hahazo fahafam-po tamin'ny fitadiavana ny valiny, rehefa nitady fiadanana ho azy manokana Rahalahy Branham dia nomen'Andriamanitra azy ny Teny ho an'ny Ampakarina. Izay no porofo fa tia azy Andriamanitra, fa izany dia famaizana izay azony hiaretana: rehefa mitady an'Andriamanitra ianao amin'ny zavatra tianao, kanefa mitodika aminao Izy, fa manome ny hafa avy amin'ny alalanao. Nanangana ny tanany izy, niantso mafy an'Andriamanitra, raha tampoka teo ilay sabatra dia nikapoka ny tanany.

Tao amin'ilay *"Tombokase Fahafito,"*, hoy izy, *"...io (ilay feo) dia niteny, 'Ilay Sabatry ny Mpanjaka', ary iray ihany io 'Ilay' Mpanjaka ary Andriamanitra izany! Ary Izy dia manana Sabatra iray – dia ny Teniny izany – izay mahatonga ahy ho velona! Koa ampio aho, Andriamanitra o... mitondra ny Fitafiany Masina miaraka amin'y Teniny Masina mivelatra ety. Ny Teny izany.Amen!"* Tsy mahagaga raha in'arivony maro no nitrangan'izany zavatra izany teo aminy, hoy izy hoe tsy mety zatra an'izany mihintsy izy. Tahak' izany ilay Sabatra teny an-tànany, ary dia tahotra no tonga teo aminy. Dia avy eo ilay feo dia nilaza, "*Aza matahotra. Io ilay Sintona Fahatelo."*

Fa ilay tranolay no Sintona Fahatelo, Ilay Fipoahana; hoy ny filazany, *"Mety ho izany ve ilay sintona Fahatelo?"* Ankehitriny ny Teny tonga tao aminy, nilaza fa izany ilay Sintona Fahatelo.

Ao amin'ny *"Jesosy Banjinina",* Rahalahy Branham dia niresaka tamin'ireo izay ara-panahy, momban'ilay teny notenenina niseho in-dimy. Niteny trondro izy mba ho velona, bitro-voalavo mba ho tena izy, tamin'ny fon'ilay vehivavy manano-tena, tamin'ilay rivo-doza tany Colorado, ary ilay aretina tsy nisy tao amin'ny vadiny. In-dimy. Hoy izy, "*Tahaka ny nahitàna fa marina ny sintona voalohany sy Faharoa, noho izany dia fantatra koa izao ilay Sintona Fahatelo."* hoy izy, *"rehefa midina ny fanaporetana dia ho hitanao hiseho izay efa hitanao vetivety amin'ny fahafenon'ny heriny... ry namako, tano foana ary mandrosoa... Fa tsy maintsy hangina kely aho aloha."*

Izay ny momban'ilay Sintona Fahatelo; fanokafana ny tombokase dia ny Sintona Fahatelo; fahatongavan'ny Teny dia Sintona Fahatelo; ary ankehitriny ilay teny notenenina dia Sintona Fahatelo.

Ao amin'ny *"Ny Tombokase Fahafito,"* hoy izy, *"Ilay Sintona Fahatelo, tadidinao ve izany? Izy* (Ilay

Anjely) *dia nilaza, "Manana mpaka tahaka betsaka ianao amin'io, izay nezahinao nohazavaina." Dia hoy izy, "Aza manandrana izany." Taidinao ve izany? Firy no mahatadidy io fahitàna io? Nahoana, io dia any amin'ny rakipeo daholo, ary hatraiza hatraiza. Izany dia enin-taona lasa izay - - fito taona lasa: efa fito taona lasa. Dia hoy izy, "Aza manandrana manazava izany." Hoy izy, "io ny Sintona Fahatelo, fa ao anatin'io aho mifanena aminao."* Jereo tsara fa izany no nolazain'ilay Anjely tao amin'ilay fahitàna ny tranolay. Rahalahy Branham dia mampifandray izany zavatra rehetra izany amin'ilay antsoiny hoe Sintona Fahatelo. Tsy nosarahiny ireo. Notohizany tao amin'ny "Tombokase Fahafito" nilazany, "*Nitsangana niaraka tamin'ny—kiraron-jazakely aho raha nilaza tamiko Izy, teo, "Ataovy ny Sintona Voalohany-nao; ary rehefa manao izany ianao, ny trondro dia handeha hanigana hamonjy ny fandrika." Hoy izy, "Avy eo dia jereo ny Sintona Faharoa-nao" hoy izy, "satria trondro kely ihany no ho eo" Nilaza izy, "Avy eo dia ny Sintona Fahatelo no haka an'io." Ary ny mpanompo rehetra dia nanodidina ahy, hoy izy ireo, "Rahalahy Branham, fantatray fa afaka manao io ianao. Haleloia, Rahalahy Branham." (Tao foana matetika no nahatery ahy - - miaraka amin'ny mpitoriteny vitsivitsy. Hitanao?*

Tia olona aho;tian'izy ireo hazavaina aminy daholo ny zavatra rehetra..., Ny fintana rehetra dia nisavoritaka nanodidina ahy tahaka izao... Hoy aho, "Andriamanitra , o, Izaho... Mamelà ny heloko. Olona adala aho. Tompo, aza... Mamelà ny heloko"... Dia avy teo dia nasandrany aho. Ary nentiny niakatra ambony aho dia napetrany ambony tamin'ny toerana nisy fivoriana, tahaka ny tranolay na karazana katedraly. Dia nijery aho, dia indro nisy tahaka ny boaty kely, toerana kely ery amin'ny ilany. Ary hitako fa ny Hazavàna dia miresaka amin'ny olona eo amboniko, ilay hazavàna izay hitanareo eo amin'ny sary. Niodina niala tamiko io,tahaka izany, dia nandeha teo amin'ilay tranolay,dia niteny, "Eny no ahitako anao." Dia nilaza, "Io ilay Sintona Fahatelo, ary tsy azonao lazaina olona io." Ary tao Sabino Canyon, hoy izy, "Io ilay Sintona fahatelo."Ary misy zavatra telo lehibe miaraka amin'io, ary ny iray efa novahana androany, ny iray novahana omaly, fa misy zavatra iray izay tsy voazavako, satria teny tsy fantatra no misy izany. Fa izaho dia nitsangana teo ary nijery tsara an'io, dia io ilay sintona fahatelo eo ampahatongavany. Ary ny Fanahy Masin'Andriamanitra... Oadray. Izay no nahatonga ny lanitra rehetra hangina."

Amin'izay lafiny izay, dia nanao izao fanambarana lalina manaraka izao izy. Hoy izy, "Izaho - - Aleo angamba hijanona eto aho. Hitanareo? Tena - - Tena tsapako fa araha-maso aho mba tsy hilaza betsaka momba an'io. Hitanareo ? Noho izany dia tsarovy, ny Tombokase Fito, ny antony tsy nanokafana an'io, (hitanareo), ny antony tsy nanambarako an'io, tsy misy olona tokony ahafantatra an'io. Ary tiako ho fantatrareo alohan'ny ahalalako teny iray momba izany, io fahitàna io dia tonga an-taonany maro lasa izay. Tadidinareo ve izany? Ary eto dia tahaka ny sasany ihany - - mihazo mahitsy ao amin'ny Teny ary ao min'ny toerany misy izany... Io dia lasa aoriana nohon'ny fiheverantsika azy... Nasehony ireo enina ireo, fa tsy milaza na inona na inona momba ny fahafito izany. Ary ny Tombokase n'ny farandro, rehefa manomboka izany, dia ho tena zava-miafina araka ny Baiboly. Alohan'ny ahafantarana izany... Dia tadidio, Apokalipsy 10:1,7 (1-7), amin'ny faran'ny hafatr'ilay anjely fahafito, ny misiterin'Andriamanitra rehetra dia ho fantatra. Ao amin'ny andro farany isika izao, dia ny famahana ny tombokase fahafito."

Nanohy nitory izany toriteny izany ihany izy: "Ankehitriny, io zava-miafina lehibe io izay mipetraka ao ambanin'ny tombokase io, dia tsy fantatro. Tsy fantatro io." (Raha nilaza izy fa tsy fantany, kanefa isika milaza izay lazainy, dia ahoana ary no hilazantsika fa mahalala izany isika? Andeha ary isika hilaza fa tena fantany io, dia sahy hilaza isika fa mpaminany mandainga izy.) *"Tsy haiko ny manavaka an'io. Tsy haiko ny milaza an'io, fa izay maha izy azy sy izay lazainy. Fa fantatro, fa ireo kotroka fito ireo no mamoaka feo akaiky miaraka, midoboka impito amin'ny fotoana samihafa, ary dia mamaha zavatra hafa izay hitako. Ary rehefa nahita izany hao,dia nitady ny dikan'izany nanidina teny, fa tsy afaka*

nanavaka izany aho." (satria tamin'ny teny tsy fantatra io.) *"Tena marina izany ry namako. Hitanao? Ilay ora dia mbola tsy tena amin'io, fa kosa mandeha mankany amin'io fihodinana io.Hitanao? Efa manakaiky ny fahatongavany. noho izany, ny zavatra tokony hataonao dia ny tsy manadino fa nilaza izany taminao tamin'ny Anaran'ny Tompo aho: Mivonona, fa tsy fantatrao amin'ny fotoana inona no hisy zavatra hitranga."*

Rahalahy maromaro tao Phoenix no nanontany an'i Rahalahy Branham, mahasahana indrindra ilay fahitàna ny tranolay, ny amin'izay azon'izy ireo atao mba ho fanampiana. Nolazainy azy ireo fa tokony hanana hahatoky izy ireo fa manana anjara amin'ny fitsanganana amin'ny maty.

Nilaza izy fa ny fisehon'ny teny notenenina dia hitondra ho amin'ny finoana mampiakatra. Izy koa dia nilaza fa ny Kotroka Fito dia hitondra finoana mampiakatra. Ireo fomba filaza ireo amin'ny mpaminany dia mitovy hevitra. Rehefa misaina izany ianao, oh, hanao ahoana izany teny notenenina izany handeha amin'ny kotroka! Fito amin'izy ireo, midona tsara miaraka. Ny olona dia te hanongilan-tsofina ny amin'ny izany feo izany. Nolazainy fa ny Sintona Fahatelo dia misitery, izay tsy azo lazaina, ary izy koa dia nilaza fa ilay fahitàna ny tranolay dia misitery izay tsy afaka nolazainy, ary io no Sintona Fahatelo.

Rehefa nanontaniana momba ireo zavatra ireo, dia namaly mazava tsara izy, "Eny, izany dia mitondra ny finoana mampiakatra." Rahalahy Branham dia nilaza tamiko fa ny maty ao amin'i Kristy no hitsangana mialoha ary hijanona ety an-tany fara fahakeliny telopolo andro hiaraka amintsika. Izany dia hahatonga zavatra hitranga. Fa ao amin'ny rakipeony "Fanontaniana sy Valiny" (Aogositra, 1964) dia izao no nolazainy, "*...ary isika dia hiaraka daholo. Ary rehefa manomboka tafaraka daholo izy rehetra ireo, dia isika mbola velona sy tafajanona dia hovàna. Ity vatana mety maty ity dia tsy ahita fahafatesana, fa vetivety foana tahaka ny indray mifaoka handalo eo amintsika dia hovàna ianareo. Hiverina tahaka an'i Abrahama izay efa antitra lasa tanora, vahivavy antitra lasa tanora, ary tamin'io fihovàna tampoka io – aoriana kelin'izany, dia handeha tahaka ny eritreritra ianareo dia ho hitanareo ireo izay efa nitsangana tamin'ny maty."* Tsy maintsy hovàna ianareo raha te ahita azy ireo. Kanefa izy koa dia nilaza fa raha ahita ireo malalantsika isika, dia ho fantatsika fa akaiky ilay fotoana. Inona ary no tonga aloha? Izaho dia te hiova.

Hoy izy, amin'Ilay Fampakàrana, dia misy *"antso mafy – izany hafatra izany dia milaza ny Ampakarina ny mba ho vonona. Izany feo izany dia hampitsangana ireo maty ary izany trompetra izany dia hitondra antsika rehetra."* Tadidio fa raha misy milaza fa mahafantatra, dia diso izy, fa Andriamanitra irery ihany no mahafantatra ireo zavatra ireo. Fa tadidio koa anefa fa i Paoly dia nilaza fa tsy hatory daholo isika. I Paoly dia nahita olona novàna. Rahalahy Branham dia nahita olona novàna. Nahita ireo kilemaina izy nandray ny ratsambatany indray, olona sitrana, ireo antitra niverina tanota; noho izany, ilay fahitàna izay an'azy, dia ilay fahitàna ny tranolay dia araka ny Soratra Masina. Tsy nahita zavatra niseho izy izay tsy nolazain'ny Soratra Masina fa hiseho.

Ankehitriny izy dia milaza fa ilay Sintona Fahatelo dia tsy ho fantatra ary ilay Fahitàna ny Tranolay dia tsy ho fantatra. Ho matotra tsara ve isika ka ahita fa tsy hisy olona ahafantatra an'io mandrapisehony? Manana fanantenana aho, ary fantatro fa *"Izao no lazain'ny Tompo"*, dia hitranga io. Fantatro fa ny Fahitàna ny Tranolay, ny Sintona Fahatelo, ny Kotroka Fito, sy ny Fampiakarana dia mifandray akaiky fa isika, amin'ny fisainantsika ara-nofo, dia tsy afaka ny hanasaraka azy ireo. Fa indray andro any, tsy ho ela, dia ho tanteraka ireo. Dia ho afaka hijery ny efa lasa isika ary ahita ireo misitery araka ny nisehony.

Rahalahy Branham dia nilaza fa anisan'ny nahatonga ny disadisa teo amin'ny mpianatra ny tsy fahaizan'izy ireo nanavaka, rehefa niteny Andriamanitra, sy Jesosy niresaka tahaka ny olona miresaka.

Tahak'izany koa tamin'ny Rahalahy Branham sy ny Fahitàna ilay Tranolay ary ny fandikàna (interpretations) maro samihafa.

Rahalahy Branham koa dia nilaza fa tsy misy mitranga amin'ny natioraly raha tsy tandindon'ny ara-panahy. Ny olona izao dia nametraka ny tongony eny amin'ny volana – dia niverina. Izao no fotoana ho an'ireo izay niala tamin'ity fiainana ity mba hiverina – *ary izy ireo dia tahaka ny lavitra dia lavitra araka ny fiheverantsika azy ireo...*

http://www.believersnewsletter.org

Email info.bnl.ministries@gmail.com